# Izay miteny hoe : Là ilàha illal-làhou, ary tsy mankato ny zavatra hafa ankoatran'i Allah dia fady ny maka ny harenany sy ny ràny fa ny fitsarana azy dia any amin'ny Tompo Allah

Tatitra azo avy amin'i Twariq Ibn Ashyam (R.A) : Niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Izay miteny hoe : Là ilàha illal-làhou, ary tsy mankato ny zavatra hafa ankoatran'i Allah dia fady ny maka ny harenany sy ny ràny fa ny fitsarana azy dia any amin'ny Tompo Allah.

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Mampahafantatra i Mpaminany (S.A.W) fa izay rehetra mijoro vavolom-belona amin'ny lelany hoe : " Là ilàha illal-làhou" izay midika hoe : Tsy misy mendrika ho tompoina ampahamarinana afa-tsy i Allah irery ihany, ary tena mikomy tanteraka ireo rehetra tompoina hafa ankoatr'i Allah, ary manalavitra ny finoana rehetra ankoatry ny finoana Islam, dia voaharo ny harenany sy ny ràny amin'ireo vahoaka mpino silamo rehetra, isika dia tsy afaka mitsara afa-tsy izay hita aty ivelany amin'ny asa ataony, ka tsy afaka sintonina ny harenany ary tsy alatsaka ny ràny, Raha tsy hoe nanao heloka bevava izay mitaky fanamelohana azy araka ny fepetran'ny finoana Islam. afa-tsy rehefa manatanteraka ireo habibina na hadalana izay mitaky fampiharana lalàna eo Aminy amin'ireo lalànan'ny finoana Islam. Ary i Allah no mandray an-tànana ny fitsarana momba azy amin'ny andro farany, raha marina izy dia ho valiany soa, fa raha mpihatsaravelatsihy kosa izy dia ho saziny amin'izany.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee